# Manorina fizakan-tena araka ny fomban'ny Tompo

Halalino ireo andinin-tsoratra masina sy teny nambara etsy ambany, ka tadiavo ny valin'ireto fanontaniana roa manaraka ireto:

1. Inona no nampianarin'ny Tompo ao amin'ny soratra masina sy amin'ny alalan'ireo mpaminaniny izay afaka manampy antsika hanorina fizakan-tena?
2. Inona avy ireo sakana mety hatrehin'ny olona iray ka hilan'izy ireo fanampiana avy amin'ny Ray any An-danitra?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:7–8

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–28

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:124

Joseph Smith—Tantara 1:55

Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) hoe:



Miasa avy ao anaty mankaty ivelany ny Tompo. Miasa avy aty ivelany mankao anaty izao tontolo izao. Manaisotra ny olona avy ao amin'ny toerana mahantra izao tontolo izao. Manaisotra ny toerana mahantra avy ao anatin'ny olona i Kristy ary avy eo dia manaisotra ny tenan'izy ireo avy ao amin'ny toerana mahantra izy ireo. Mamolavola ny olona amin'ny alalan'ny fanovana ny tontolo iainany izao tontolo izao. Manova ny olona i Kristy, ary ireo olona ireo no manova ny tontolo iainany avy eo. Mamolavola ny fitondran-tenan'ny olombelona izao tontolo izao, fa afaka manova ny fitondran-tenan'ny olombelona kosa i Kristy. (Ezra Taft Benson, "Born of God," *Ensign*, Nov. 1985, 6)

Nanazava ny Filoha Dieter F. Uchtdorf fony izy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe:



Ny fomban'ny Tompo dia tsy ny mijanona eo amoron'ny koriandrano ary miandry ny rano mba ho tapitra izay vao miampita. Fa miara-miasa kosa, mampiakatra ny tanan'akanjo, mandeha miasa, ary manamboatra tetezana na sambo ahafahana miampita ny ranon'ny olantsika. (Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny fomban'ny Tompo," *Liahona*, nôv. 2011, 54)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_561-1